

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

R. Mode Fédération Koloharena
Ialamarina

Raha jerena ny fiompiana trondro
Tamin'ny taon-dasa
Dia hita fa mitombo
Sy mivoatra ny asa

Raha jerena ny fiompiana trondro
Aza avelantsika fa andao hampitombo
Ary aza adino na atao lany andresaka
Ny tombotsoa efa azo sady efa betsaka

Ny mbola tsy mpiompy andao hamporisihana
Ny mbola matory andao hotsidihana
Raha mbola manentana ianao aza kivy
Mba tsy ho tonga amintsika ny fotoana krizy

Ny fiompiana trondro dia misy tombony tokoa
Avo telo heny raha tsy misy mahavoa
Ny faty antoka dia tena tsy misy
Satria mbola miaina amin'ny zava-misy

Ô Ry tantsaha te -hanaraka tekina
Tsy handehanan-davitsa fa misy aty amintsika
Ny fotoana hanaovana azy ro andao homanina
Ao amin'ny Federasiona misy teknisianina

Sy ny kolo Harena ihany
No anaovana an'izany
Fa isika tantsaha rehetra
Ny fotoana an'izany tsy misy fetra

Ny fandaniana dia tena vitsy
Ny zana-trondro ihany no tena misy
Ny fikarakarana sy ny famahanana
Dia zava-misy eo ampelatanana

Ô ry tantsaha aza saro-tiana
Ny toro-hevitra aza dia avela
Fa ho tanteraho fa ho hitanao
Ny fidiram-bolanao haharitra ela

Tsy manoro hevî-diso
Ny mpanentana antsika ry tantsaha
Tsy misy risoriso ny mpandraharaha
Izany no mba teny kely
Atao amintsika
Tsy diso velively
Ny fanentanany amintsika

La Voix Des Pisciculteurs

R. Mode Fédération Koloharena
Ialamarina

D'après l'évaluation de l'activité piscicole de l'an passé
Le nombre de pratiquants et les activités ont évolué

En ce qui concerne l'élevage des poissons
Ne le laissons pas de côté, au contraire continuons !
Trêve de gesticulation et ne l'oublions pas
Les bénéfiques sont là et plus qu'on ne le croit

Pour ceux qui ne pratiquent pas encore, encourageons-les
Pour ceux qui traînent, visitons-les
Ne te décourage pas, continue tes animations, à plusieurs reprises
Pour que personne ne soit pas surpris par la crise

On sait que dans la pisciculture, on ne tire que du profit
Et gagner ce qu'on a dépensé jusqu'à plus de trois fois
Pas de risque de déficit
Parce qu'on utilise ce qu'on a chez soi


Pour les paysans qui voudraient apprendre la technique
Nous sommes disponibles, alors inutile d'aller loin pour la trouver
Juste un peu de votre temps à dégager
Les techniciens de la Fédération vous donneront des informations pratiques

Ce n'est pas seulement les membres du Koloharena qui peuvent pratiquer
Et qui vont en bénéficier longtemps
Mais tous les paysans
Et pour une période illimitée

Avec peu de dépenses
Tu peux obtenir des alevins en abondance
L'alimentation nécessaire et le temps d'entretien
Sont des moyens que l'on a sous la main

Ô paysans, ne soyez pas difficiles
Retenez les conseils
Suivez les et vous verrez
Votre revenu s'éterniser

Ce ne sont pas de fausses idées
Que nos techniciens nous ont données
Avec nos organismes d'appui
Il n'y a pas non plus de corruption ni des conseils incompris
J'espère que ce message arrivera à destination
Pour que notre sensibilisation ne soit pas une divagation



SOMMAIRE...

PARTAGE P.3
- Edito
- Des systèmes d'aquaculture innovants

COMPRENDRE ET ANTICIPEZ P.4
- Se regrouper en coopérative pou répondre aux attentes

PROFESSION PAYSAN P.5-6
- Un nouveau point de vente de poisson à Antsirabe
- L'Etat a visité les pisciculteurs

EVENEMENT P.7-8
- Inauguration de la station expérimentale piscicole
- Un nouvel aménagement sur le marché de Betafo

PARTENARIAT P.9-15
- Échange d'expérience
- L'étude filière poisson d'eau douce
- Nouveau programme de l'APDRA dans la Région Atsinanana
- Création d'une plate forme poisson dans la Région Vakinankaratra
- Pour être modèle...
- Collaboration entre PSA-Tafita/VFTM/APDRA
- Se structurer autour de la commercialisation
- Idée de recette: Le poisson à la sauce comptable

COURRIERS DES LECTEURS P. 16
- Poème: La Voix des (rizi)pisciculteurs

TOPIMASO...

MIZARA P.3
- Sasinteny
- Fiompiana vaovao anaty rano

FANTARO KA OMANO MIALOHA P.4
- Hamaly ny hetaheta ny firosoana amin'ny kaoperativa

TONTOLON'NY ASA MAHA-TANTSAHA P.5-6
- Miampy iray ny tobim-pamatsiana trondro ao Antsirabe
- Nitsidika ny mpamokatra trondro ny Fanjakana

HETSIKA P.7-8
- Fitokanana ny vala fikarohana
- Ahitana foto-drafitr'asa vaovao ny tsenan'i Betafo

FIARAHA- MIASA P.9-15
- Fifanakalozana traikefa
- Fanandihadiana ny seha-pihariana trondro
- Programa vaovao'ny APDRA ao amin'ny Faritra Atsinanana
- Hoatsangana ny plate forme trondro ao amin'ny Faritra Vakinankaratra
- Mba ho modely...
- Fiaraha-miasa eo amin'ny PSA-Tafita/VFTM/APDRA
- Miroso lalindalina amin'ny famarotana
- Nahandro: Trondro amin'ny lasary

TARATASIN'NY MPAMAKY P.16
- Poema: Ny Feon'ny mpiompy trondro

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

Talen'ny fanoratana:
Sanchez Frédéric (APDRA-F)

Tonia:
Rabarijaona Tsirihaina (APDRAMADA)

Mpanoratra:
SRPRH, Pisciculteurs de Mahazina, Andriamasoandro, Ranomafana, VFTM, Ialamarina, Equipe APDRA antenne Madagascar

Sary: APDRAMADA

Kisarisy: Michel Randria

Fanitsiana: APDRAMADA

Dika teny gasy:
Ratiarivelo Vola
Razafindralambo Angelo

MPANOHANA

Service de Coopération et d'Action Culturelle

Conseil Régional de la Basse Normandie

Conseil Général de l'Essone

Toerana fanontana: APDRAMADA
Natonta ny : february 2009—150 isa— 150 exemplaires
Voapetraka ara-dalàna : february 2009

APDRA- MADAGASCAR

*Fiompiana trondro
Miaraka amin'ny
Tantsaha*

Association
Pisciculture et
Développement
Rural en
Afrique

**Antenne de l'APDRA-France
à MADAGASCAR**

FIARAHA-MIASA PSA Tafita/ VFTM/ APDRA

RAZAFIMAHATRATRA François Xavier, Prezidàn' ny Kaoperativa « Trondro » ao amin'ny VFTM

Ao anatin'ny tetikasa PSA-Tafita tanterahin'ny AF-DI/FERT dia miasa nanomboka ny taona 2007 ny APDRA niaraka tamin'ireo vondrona tantsaha momba ny fiompiana trondro. Nanomboka ny taona 2008 anefa dia niroso lalindalina kokoa satria nanampy azy ireo teo amin'ny lafin'ny famokarana zana-trondro ny APDRA. Nivoatra noho izany ny filàn'ny VFTM eo amin'ny lafin'ny fiompiana trondro ka nisy ny fanendrena olona vaovao misahana ny lamina sy tompon'andraikitra arak'asa sy ara-bola: Atoa ANDRIAMIANDRISOA Antoine no Filoha mitantana ny tetik'asa ary Atoa RALAHADY Michel no tompon'andraikitra arabolany ny tetik'asa. Manampy ny VFTM amin'ny fitantanana an-tsoratra ny tetik'asa ny APDRA izay i Mlle Bénédicte sy i Atoa Morille no miaramisalahy hahatomombana izany.

Araka ny tombana tamin'ny tetikasa trondro voalohany tokoa mantsy dia hita fa isan'ny olana goavana ny fahalafosan'ny zana-trondro na dia misy aza eo amin'ny mpisehatra, tsy iza izany fa ny fikambana APPAFI. Nisy ny firosoana tamin'ny vahaolana dia ny hahafahan'ny rehetra isampianakaviana manatsara ny fidiram-bola isantokantrano no sady mahazo zana-trondro ankalahana.

Tsapan'ireo mpamokatra fa misy ny olana teo amin'ny taranaka trondro satria efa ela, tamin'ny andron'ny FAO no nisy fanatsarana farany efa taona maro lasa izay. Trondro avy any Betafo Antsirabe no nosafidian'ny mpikambana hanatsarana ny taranaka eto Mahatsiatra Ambony ka trondro 18 no naparitaka eto amin'ny Faritra Matsiatra Ambony.

Tsotra sy mora ampiasaina ny tekinka nomen'ny APDRA-M, azon'ny fianakaviana sahirana arahina satria nampiasa zava-misy eo an-toerana amin'ny fampiterahana sy mifanaraka amin'ny eo ampela-tanana.



Réunion à Ambatomisibiby- Fianarantsoa, 2009 (Photo APDRA)

Collaboration PSA Tafita/ VFTM/ APDRA

Par RAZAFIMAHATRATRA François Xavier, Président de la coopérative « Trondro » au sein de VFTM

Dans le cadre du projet PSA Tafita mis en œuvre par l'AFDI / FERT, l'APDRA collabore depuis 2007 avec différentes Organisations Paysannes de Haute Matsiatra sur les activités de pisciculture. Depuis septembre 2008, l'APDRA intervient en appui à la production d'alevins. VFTM a en effet décidé des nouvelles actions à mener dans le cadre de ses activités piscicoles. Une nouvelle équipe a été désignée pour gérer les activités de pisciculture: M. ANDRIAMIANDRISOA Antoine, Chef de projet et M. RALAHADY Michel, responsable financier.

Ce nouveau projet présente différents objectifs : introduire de nouvelles souches locales pour améliorer le cheptel de géniteurs présent dans la région et vulgariser les techniques d'alevinage.

Dans cette région, la production d'alevins est réglementée et jusqu'en septembre dernier, seuls des producteurs agréés par l'Etat étaient en droit d'assurer cette production. Pour les grossisseurs, peu d'alevins étaient disponibles et leur prix était souvent élevé. Cependant, rien n'interdit la production familiale d'alevins si ceux-ci ne sont pas destinés à la vente. Il a donc été décidé d'installer 9 sites pilotes de production extensive d'alevins, destinés aux membres des neuf OP de base de VFTM concernées par la pisciculture

Une première étape a consisté à s'approvisionner en géniteurs dans la zone de Betafo (Vakinankaratra). Ainsi, 18 géniteurs femelles, destinés aux responsables des neuf sites membres de VFTM, ont été transportés dans la région Haute Matsiatra au début du mois d'octobre 2008.

Accompagnés par des pisciculteurs de Betafo, les techniciens de l'APDRA ont ensuite dispensé aux membres de VFTM une formation sur la production extensive d'alevins, technique simple et adaptée aux ressources des paysans.



Réunion à Ampaly- Fianarantsoa, 2009 (Photo APDRA)

...Hitondra vokatsoa ho antsika rehetra anie ity taona vaovao ity. Mba hitombo avo roa heny ny fiompiana trondro ataontsika. Eo ianareo teknisianina, sy ny mpandraharaha isantokony ary isika tantsaha ka Ho ela velona anie ny trondro!!

Que l'année 2009 soit pour tout le monde couronnée de succès. Travaillons ensemble pour accroître la production halieutique !! Tous ensemble !! Paysans, techniciens, fonctionnaires, opérateurs économiques... nous sommes les acteurs du développement rural !!



Inty aloha ny dimy fa assuré ny kaly amin'ity taona ity!!
Ne t'inquiète pas, on aura du poisson cette année !!

Tahaka ny hampana-hy 'ty krizy 2009 'ty ko!
Moi j'ai peur de la crise en 2009 ?!!

MIROSO LALINDALINA KOKOA AMIN'NY FAMAROTANA

Ny fikambanana « FANANTENANA II » Mahazina Vakinfiasina Betafo

Niditra ny taona faharoa amin'ny famarotana zana-trondro ny Fikambanana Fanantenana II. Hitan'ireo mpikambana hatrany ireo teboka rehetra entina hanatsarana izany. Ny feon'ny mpikambana no hitatitra amintsika eto.

Mbola tsy tapitra ny fotoam-pamarotana nefa nivoaka tamin'ny tombana antenantenany sahadry fa tsara ny vokatra azo tamin'ny ampahan'ity fotoam-pamarotana ity raha miohatra tamin'ny taona lasa.

Betsaka ny kaomandy azo ary voavaly ara-dalàna daholo izany noho ny lamina fanatanterahana teo amin'ny mpikambana rehetra. Ny zava-misy anefa dia tsapa fa ny mpanjifa no tsy manaraka ny fifanarahana hifanaovana ka manabotry ny tantsaha mpihary te-hivoatra na mitsapatsapa ny fahafaha-manaon'ny mpikambana angamba ?

Fanontaniana iray apetraky ny mpikambana ny hoe : ahoana moa no ahalalana ny olona iray manao tsinotsinona ny tombontsoan'ny mpikambana mahasahy manao kaomandy nefa tsy manatanteraka izany na mahasahy mandoa vola mialoha ka tsy mandoa ny ampahany hafa eo ampandraisan'entana?

Olana iray hita teny am-pihandohana ny tsy fahampian'ny fitaovana hitetezana ny kaomina ambanivohitra hampahalalana ny fikambanana nefa efa ezaka lehibe ny niarahana tamin'ny ekipan'ny APDRA Madagascar sy ny fizevivezana hafa nataon'ny mpikambana izay mbola ilaina hamafisina sy hamaroana amin'ny taona ho avy. Manarak'izany, nisy ny fiaraha-miasa tamin'ny kaomina ambanivohitra hafa ankoatra ny teto Betafo fa ny tena tsara dia ny fanaovan'ny fikambanana Fanantenana II fifanarahana mivantana amin'ny olona iray ao anatin'ny kaomina mba hiandraikitra mivantana ny varotra zana-trondro ao amin'ny faritra misy azy.

Mbola velom-bolo izahay mpikambana ato amin'ny Fanantenana II na dia misy aza ny olana toa ireo voalaza eo ambonny ireo. Anisan'ny mamporisika anay hanorina kooperativa izany mba ahafahanay manana zo feno amin'ny fanondranana ny vokatra.

Mbola mahavelom-panantenana anay koa ny fandalovan'ny Talen'ny MAEP taty ifotony tamin'ny 16 janoary 2009 lasa teo. Naneho taminay mantsy izy ireo fa afaka manome fanohanana bebe kokoa anay mpivarotra zana-trondro ny sampandraharahan'ny jono ao anatin'ny distrikan'I Betafo sy ny Faritra Vakinankaratra. Marihanay entoana fa efa misy io fiaraha-miasa io tamin'ireo fanomezan'ny SRPRH alalana anay hivarotra saingy ilaina hatrany ny manatsara sy manamafy azy amin'ny sehatra isan-karazany isan-

TRONDRO AMIN'NY LASARY

Ekipan'ny APDRA

Ho an'olona 6 :

Trondro 1 kg, mangahazo 1 kg, Tongolo lay 3, voatabia ½ kg, dipovatra, menaka ½ litatra, vinaigra, karoty ½ kg, "haricot vert" ½ kg, laisoa sahabo ho ½ kg.

Rehefa voadio ny trondro dia tatahana mitsangana manaraka ny kibony, asiana sira sy tongolo lay voatoto ary dipovatra 3 tsongo, avela hilona eo amin'ny 1 ora. Endasina ho firity Tetehina lavalava dia andrahoina ho masaka tsara amin'ny rano. Tetehina lavalava ny karoty, laisoa sy ny "haricot vert" dia ampangotrahina amin'ny rano sy sira atao mafimafy. Esorina ny rano rehefa masaka, avela hitsika tsara.

Tetehina manokana lavalava koa ny voatabia (avela manta, tsy andrahoina)

Atao ao anaty kopy ny menaka 4 ny sotro fihinanam-bary, tapohana vinaigra in-droa ny sotro fihinanam-bary asiana sira sy tongolo lay voatoto dia kapohina kely hifangaro tsara.

Rehefa vita izay rehetra izay dia afangaro amin'ny lasary ny vinegrety.

Rehefa mandroso azy dia atao anaty vilia iray isan'olona ny mangahazo, lasary ary trondro firity... dia mahazotoa homana tompoko!!!

SE STRUCTURER AUTOUR DE LA COMMERCIALISATION

Par l'Association « FANANTENANA II » Mahazina Vakinfiasina Betafo

L'association FANANTENANA II entame, pour sa 2^{ème} année, la vente groupée de ses alevins. Chaque membre a pu tirer des leçons des expériences vécues l'an passé.

La campagne de vente des alevins 2008/2009 n'est pas encore terminée, mais l'association Fanantenana II a déjà fait un premier bilan de ses activités et constate que les résultats des ventes sont meilleurs que ceux de la dernière campagne.

Cette année, l'association a reçu beaucoup de commandes et cette fois ci, la demande a toujours été satisfaite. Tous les membres ont participé à l'organisation de la vente. Par contre, quelques clients n'ont pas respecté leurs engagements concernant le paiement. Peut-être essaient-ils de mettre à l'épreuve la détermination des membres de Fanantenana II ? Comment reconnaître ces mauvais payeurs ? Certains clients n'avancent qu'une partie de la somme puis évitent les vendeurs après la livraison.

L'association ne dispose que de peu de moyens pour faire la publicité de ses alevins. Pour cette campagne, Fanantenana II a reçu l'appui de l'APDRA pour réaliser la prospection. Cette année, Fanantenana II a réalisé un contrat avec un particulier d'une commune rurale proche de Betafo. Il y assure la vente des alevins.

Malgré ces quelques problèmes, les membres de Fanantenana II sont satisfaits et souhaitent acquérir le statut de coopérative afin de profiter encore mieux de leur activité de vente d'alevins. Le CIRDR de Betafo et la Région Vakinankaratra sont prêts à appuyer les vendeurs.

UNE IDEE DE RECETTE : le poisson à la sauce comptable

Par l'équipe APDRA

Ingrédient pour 6 personnes : Poisson (au choix) 1 kg, manioc 1 kg, ail, tomate ½ kg, poivre huile de table, vinaigre, carotte ½ kg, haricot vert ½ kg, chou environ ½ kg.

Trancher le poisson en 2 s'il est grand, faire une fente le long du ventre. Faire macérer les poissons avec du sel, 3 pincées de poivre et un peu d'ail hachée au moins 1 heure. Faire frire.

Trancher le manioc par tranche de 10 cm de long, faire cuire avec de l'eau. Couper en longueur les carottes, le chou, les haricots verts. Faire bouillir dans de l'eau salée. Essorer. Laisser refroidir. Trancher les tomates. Mélanger le tout avec la vinaigrette. Mettre dans une assiette un peu d'achards, 2 tranches de manioc et 1 tranche de poisson. Servir avec de la vinaigrette. Et Bonne à petit !!!

FIOMPIANA VAOVAO ANATY RANO

Mme Raharivelo Marcelle
Lehiben'ny Sampandraharahan'ny Jono sy ny Zavamanan'aina anaty rano.

Ny Fiompiana troity

Inona indray angamba hoy ianao izany troity izany ? trondro vaovao ve? Eny, azo lazaina fa vaovao izy fa ny fisiany eto Madagascar dia efa ela ho 30 – 40 taona teo, tany Tsiarafajavona no nisy azy ary tonga hatrany Faratsiho (Ambohiborona) aza. Trondro tena lafo vidy izy ary ny tsirony dia aoka fotsiny! Ho antsika mbola tsy nihinana dia mivarotra ny SRPRH na ny sampandraharahan'ny jono eto Vakinankaratra amin'izao fotoana izao ka telo arivo sy iray alina Ariary ny iray kilao (Ar 13 000).

Ho anao izay te hiompy dia mety hanontany ny momba ny fiompiana azy. Ny troity dia trondro mitovitovy bika amin'ny black bass saingy lavalava kokoa sy somary manjelatra na manompy manga na volombatolalaka ny kirany. Trondro tena mety aty amin'ny Faritra Vakinankaratra sy Analamanga izy io satria ny maripana tadiaviny dia eo amin'ny 10 – 16°C, mitaky rano mangarahara sy be oksizena nefa izy ka mila fikarakarana tsara. Ny tena mampiavaka azy koa dia izy mihinan-kena ka raha eo amin'ny voajanahary dia sahona, kankana, olitra, votry....no tena ankafiziny. Raha miompy kosa anefa dia mahazaka provandy tsara izy fa be "proteina". Azo atao koa ny manome azy: patsa, ati-kena, ari-kena. Azo atao koa ny miompy kankana hamahanana azy! Tena vola be tokoa aloha e!


Aza no mety ahitana zanany (alevins) na reni-trondro hoy ianao? Aza misalalala manatona ny Sampandraharahan'ny JONO eto VAKINANKARATRA ao atsinanan'ny tribonaly raha mahaliana anao ny hiompy azy!

Tena malalaka ny tsena, ary maro ny Malagasy mbola tsy nihinana azy ka te hanandrana! Ka sao dia mba any aminao no ahafahany mihinana.

Ny Fiompiana amalona

Ny amalona dia sakafo tena matsiro amin'ny Malagasy. Lafo vidy tokoa izy io! Azo atao tsara ny manatavy azy saingy ny Malagasy efa zatra maka azy fotsiny any anaty rano. Eny amin'ny vinany (fihaonan'ny ranomamy sy ny ranomasina) no toerana fanatodizany, fa ny zanany dia miakatra aty amin'ny ranomamy ary rehefa hanatody izy dia mamony ny ranomasina indray. Koa noho izany dia azo atavezina amin'ny ranomamy tsara izy.

Ny sakafony? Tsy misy mahasamy hafa azy amin'ny an'ny trondro! Raha eo amin'ny voajanahary dia mivelona amin'ny volokotona sy ny bibikely madinika. Fa ny dobo fotsiny no mila fikarakarana fa sady tsy dia mahatanty hain'andro loatra izy no mila vatovato ao anaty dobo! Mety mahaliana anao koa ve ny miompy azy io e! Mba andramo e!



Anguille marbrée : Anguilla marmorata (photo Wikipedia)

DES SYSTEMES D'AQUACULTURE INNOVANTS

Par Mme RAHARIVelo Marcelle
Chef de Service Régional de la Pêche et des Ressources Halieutiques.

La Truiticulture

Peut être vous demandez-vous ce qu'est une truite ? Un nouveau poisson ? Oui, on peut dire qu'il est nouveau. Mais cela fait déjà 30 ou 40 ans qu'il a été introduit à Madagascar. A l'époque, la truite était élevée dans la zone de Tsiarafajavona, et même jusqu'à Faratsiho (Ambohiborona). Ce poisson coûte cher ! Et il a bon goût ! Pour ceux qui n'y ont pas encore goûté, le SRPRH Vakinankaratra vend actuellement des truites fraîches au prix de 13 000 Ar/kg.

Mais alors comment produire ce poisson ? La truite a plus ou moins la même morphologie que le Black Bass, mais ses écailles sont brillantes. Pour sa croissance, cette espèce a besoin d'une température inférieure à 20°C, ainsi qu'une eau claire et bien oxygénée. Sa particularité : c'est un poisson carnivore. En milieu naturel, il se nourrit de grenouille, de vers, des larves, d'insectes et de petits poissons. En captivité, il est nourri avec des provendes très protéinées. On peut également leur donner de petites crevettes d'eau douce ou des abats des bovins.

Où peut-on se procurer des alevins ou des géniteurs ? N'hésitez pas à venir au bureau du Service Régional de la Pêche et des Ressources Halieutiques du Vakinankaratra, à l'Est du Tribunal Antsirabe si vous êtes intéressés. Quant au marché, beaucoup de Malagasy n'a pas encore goûté ce poisson. Peut être que par votre intermédiaire, ils pourront manger de la truite.



La truite arc-en-ciel : Oncorhynchus mykiss (photo APDRA)

L'Élevage d'Anguilles

Pour les Malagasy, l'anguille est un poisson très apprécié. Elle coûte également très cher. Habituellement pêché dans le milieu naturel, il est possible de réaliser son grossissement en élevage. Les anguilles pondent en mer. Les civelles (alevins d'anguilles) remontent ensuite dans les fleuves par les estuaires. Le grossissement des adultes est donc réalisé en eau douce. L'anguille est une espèce carnivore. Elle se nourrit de grenouilles, de petits poissons ou de petits crustacés.

Son élevage en étangs nécessite des aménagements spécifiques et beaucoup d'entretien. Trop d'ensoleillement est préjudiciable. Elle apprécie les fonds pierreux. Peut être êtes-vous intéressées par son élevage ? Essayez donc!

HAMALY NY HETAHETA NY FIROSOANA AMIN'NY KAOPERATIVA

Randriamahazomanana Toussaint
Mpiompy trondro-Andriamasoandro

Ambany ny vidin'ny zana-trondro araka ny fiheveran'ny mpivarotra izany avy ao Andriamasoandro. Mbola ny mpanjifa no mametra ny vidiny amin'ny ankapobeny. Izany indrindra no anisan'ny mahatonga azy ireo hivondrona hanangana kaoperativa, ka entin'ny mpikambana iray eto ny hetahetany.

Miainga amin'ny herin'ny tenany hatrany ny mpivarotra zana-trondro amin'izao fotoana izao. Tsy afa-manoatra loatra anefa satria samy mamaritra ny vidy hamarotana azy ny tsirairay. Misy ny elanelambidy eo amin'ny zana-trondro mitovy habe sy mitovy taona na dia mifanila eo aza ny toeram-pamarotana.

Eo am-pieritretana ny hanorina kaoperativa izao ny mpamokatra. Ny tanjona ankapobeny amin'izany dia ny hametrahana ny fiompiana trondro ho ao anatin'ny sehatra mahavelona fa tsy ho fanampin'asa fotsiny.

Samy miandry ary manantena ireo mpanorina fa hampivoatra ny tokatrano ity fikasana ity ary hampitombo ny asam-pamokarana efa misy.

Ilofosana mafy ny fitantanana ny varotra: ahitana ny fiaraha-miasan'ny samy tantsaha voalohany indrindra, ny fihehezana ny vidin'entana ary ny fanamorana ny fitadiavana lalam-barotra miaraka amin'ireo mpiaramiombon'antoka.

Ilaina noho izany ny fahalalana tsara ny atao hoe kaoperativa mba ho lalina ny fanorenana sy manivana ny tantsaha te hiditra ho mpikambana ao. Mazàna mantsy maika am-boalohany ny olona te - hikambana, manantena fa hisy vokatra eo ho eo nefa ny ezaka ao anatiny ao ihany no mampisy sy manatevina ny kitapom-pihariana, izany hoe tsy maintsy miezaka aloha vao mioty ny vokatra.

SE REGROUPER EN COOPERATIVE POUR REpondre AUX ATTENTES DES PRODUCTEURS

Par RANDRIAMAHAZOMANANA Toussaint
Pisciculteur à Andriamasoandro

Pour les producteurs du Fokontany d'Andriamasoandro (Commune de Betafo), le prix des alevins est trop bas. En général, celui-ci est dicté par les acheteurs. Afin d'avoir une plus grande maîtrise du prix de vente, les producteurs de ce Fokontany souhaitent se grouper en coopérative.


Le prix des alevins au marché de Betafo ne suit aucune règle. Pour deux vendeurs situés côte à côte, proposant des alevins de même taille, les prix de vente sont différents.

Les producteurs d'Andriamasoandro réfléchissent actuellement à la création d'une coopérative afin de donner de l'importance à la pisciculture et de ne plus considérer cette activité comme une activité secondaire. Chacun espère que la création d'une coopérative

permettra d'améliorer la vie de chaque foyer et de développer la filière.

A chacun de faire des efforts lors de la vente : une collaboration entre paysan est nécessaire pour maîtriser les prix et rechercher de nouveaux débouchés.

Il faut donc que chacun ait bien en tête le sens de la création d'une coopérative. Des critères doivent être déterminés pour l'adhésion de nouveaux membres. Ces nouveaux membres sont souvent pressés d'obtenir des résultats. Or il faut maintenir un effort constant pour recueillir les fruits du travail accompli.



Vue panoramique du site vitrine d'Andranomanelatra, février 2009 (photo APDRA)

Mba ho modely ...

M. RAKOTONDRAJAO Rivoniaina
sy RAKOTONDRAPARANY Pierre

Ao anatin'ny fandaharan'asam-panjakana nanomboka ny taona 2007 ny fametrahana toerana sy tanàna modely na « site vitrine » sy « village MAP ». Izany dia ho fitaratra ho fankan-tahaka ho an'ny manodidina azy ka ho manerana ny Faritra manontolo. Efa samy miezaka maneho izany ny Faritra tsirairay eto Madagasikara toa an'I SAVA, Analamanga, Boeny,ka aiza ho aiza àry ny eto Vakinankaratra?

Niantso ny fiaraha-miasa avy amin'ireo mpisehatra rehetra manodidina ny fambolena sy ny fiompiana ny Faritra hiara-mididina indrindra ny mety ho toerana sy ny fomba hanehoana izany toerana sy tanàna filamatra izany. Tapaka àry fa ao Andranomanelatra no hisy ny toerana fitaratr'I Vakinankaratra na "site vitrine" ary ao amin'ny Kaomina Ambanivohitr'I Ranomafana, andrefan'i Betafo no voafidy ho tanàna filamatra na "village MAP".

Noho izay nahavoatsonga ho anisan'ny tanàna fitaratra ny tanàn'Andranomafana ao amin'ny Kaomina Ambanivohitra Ranomafana -Distrikan'i Betafo izay dia I Andriamatoa isany Rakotondraparany Pierre sy Rakotondrajao Rivoniaina no voafidy hitantana ny fiompiana trondro ao amin'io tanàna io. Milaza etoana ny heviny izy ireo momba izany. Tafiditra teto amin'ny Kaomina Ambanivohitra Ranomafana ny safidy noho izy be fambolena.

Ny SRPRH sy ny APDRA Madagascar no manohana amin'ny fiompiana trondro, ny voly ovy, ny vilona, ny vomanga tohanan'ny FIFAMANOR, ny voaroy hazo sy ny fiompiana landy miaraka amin'ny FAFIALA, ny legume isan-karazany, ny tongolo sy ny laisoa miaraka amin'ny SEMANA ary ny tsaramaso fanondarana iantsorohan'ny FOFIFA.

Raha ny trondro manokana no asian-teny dia azo antoka fa tsy hisy ny faty antoka. Hita taratra sahady amin'ny fitsirin'ny vary ny fanjariany. Mbola tombandahiny ihany koa ny fahazahoana ny tekikinampamokarana afaka hampihariny fianakaviana mpahazo tombotsoa mivantana isan-taona. Ezaka atao mandritra ny fampiharana ny fitantanana, ny fandraisana naoty ny zava-miseho, ny sakafo zaraina ary ny vola miditra sy ny mivoaka. Tsy izany ihany anefa, fa hisy ihany koa fiofanana sy fifampizarana ny traik'efa azo amin'ireo tantsaha mpiray tanàna. Samy mbola mandeha irery aloha ny tatsaha hatramin'izao noho ny tsy fisian'ny fikambanana. Nefa tsapa fa efa misy ny firaisan-tsaina nanomboka tamin'ny fametrahana ny tanàna ho fitaratra."

Pour être modèle ...

Par M. RAKOTONDRAJAO Rivoniaina
et RAKOTONDRAPARANY Pierre

En novembre dernier, la Région Vakinankaratra a lancé un appel à tous les acteurs du développement rural. Cette réunion avait pour but de définir le lieu et le mode de représentation du « Site vitrine » et du « Village MAP ». La Commune Rurale d'Andranomanelatra accueillera le site vitrine et la Commune Rurale de Ranomafana, à l'Ouest de Betafo, le « village MAP ». Le travail sur les deux sites a débuté au mois de Décembre dernier. Les responsables du site MAP de Ranomafana, Monsieur RAKOTONDRAJAO Rivoniaina (Chef FKT) et RAKOTONDRAPARANY Pierre (paysan), se sont portés volontaires pour accueillir sur leurs parcelles les activités rizipiscicoles. Ils évoquent ici leur point de vue :

« Le Village MAP a été mis en place dans la Commune Rurale de Ranomafana. Lors de la sélection, le village était en concurrence avec le village d'Anjazafotsy. Mais la forte activité agricole constatée dans le village de Ranomafana a convaincu le jury. La sélection des parcelles dédiées à la rizipisciculture, ceux de M. Pierre et M. Rivoniaina, a par la suite été réalisée par le SRPRH du Vakinankaratra et l'APDRA. Le principe du « Village MAP » est de présenter les activités agricoles les mieux adaptées à la zone. Cela permet d'inciter les paysans à diversifier leurs activités et d'améliorer le fonctionnement de leur exploitation. Les responsables des sites sélectionnés sont aidés par les services de l'agriculture et les ONGs œuvrant pour le développement rural.

Dans la zone de Betafo, l'agriculture est très diversifiée. Les activités piscicoles du village MAP sont encadrées par le SRPRH du Vakinankaratra et l'APDRA. FIFAMANOR appuie la culture de pommes de terre, de fourrages et de patates douces, l'ONG FAFIALA, la sériciculture et le FOFIFA est chargé de la culture de légumes, d'oignons; et de choux en collaboration avec SEMANA. Après avoir assuré l'empoissonnement des sites au cours des mois de janvier et février, une équipe mixte APDRA/SRPRH a réalisé, auprès des deux responsables des sites rizipiscicoles, une formation sur le grossissement extensif de la carpe commune. C'est la garantie pour nous de résultats satisfaisants..

Le stade du riz est déjà bien avancé sur les parcelles empoissonnées, et nous espérons que cela n'aura pas de mauvaises conséquences pour les poissons. Recevoir une formation gratuite sur la conduite de l'élevage, en tant que responsable de site, est un avantage pour nous. En retour, nous devons prendre des notes : enregistrer la distribution des aliments, du fumier et les flux d'argent liés à l'élevage des poissons. Nous devons aussi diffuser les messages techniques auprès des autres paysans du village et échanger nos connaissances.»

HOATSANGANA NY PLATE FORME TRONDRO AO VAKINANKARATRA

FIFIMPAVA

Vita soa aman-tsara ny tamberin-teny nataon'ny APDRA Madagascar momba ny fitsirihana ny lalam-pihariana trondro an-dranomamy (jereo ny lahatsoratra momba izany). Eo am-pieritreretana ny ho tohin'ny asa ny mambran'ny FIFIMPAVA.

Mbola asa lehibe sady manan-danja iray no heverin'ny mpi-kambana ao amin'ny FIFIMPAVA ho volavolaina ho tohin'ny asa. Manana tanjona hanangana « plate forme » na sehatra ifanakalozan-kevitra izy ireo ka ny mpisehatra trondro rehetra eto amin'ny Faritra Vakinankaratra no kasaina ho voasahana amin'ity sehatra ity.

Ny asan'io sehatra io moa dia ny hanamorana ny fampitam-baovao eo amin'ny samy mpisehatra trondro, ny fanatsarana ny famokarana, fanatsarana ny vidim-bokatra, hiarovana ny tombotsoan'ny tantsaha mpamokatra sy mpanarato trondro, hahafahana mifehy ny tsena mba ahazahoan'ny tantsaha mpamokatra tombotsoa mitovy amin'ny mpisehatra hafa miandraikitra ny varotra, fahalalana ny filan'ny mpanjifa mba ahafahana mitady trondro any an-toeran-kafa hamatsiana ny Faritra, fampiroboroboana ny fanjarian-tsakafo, ho famaliana ny fandaharan'asan'ny Faritra mikasika ny fampitomboana ny vokatra trondro eto Vakinankaratra.

Fanamafisana ny maha-laharam-pahamehana ny lalam-pihariana trondro ao anatin'ny Faritra. Koa manentana antsika mpisehatra rehetra voasahan'io sehatra ifanakalozana io mba hitondra ny anjara birikiny hahatratrarantsika miaraka ireo tanjona ireo.

NIAMPY NY EKIPAN'NY

APDRA

Nanitra ny ekipany ny APDRA antenne Madagascar nanomboka ny volana oktobra 2008. Mpanentana sady solon-tenam-pifandraisan'i APDRA no asan'i Morille Razanajatovo ao Fianarantsoa.

Tan-tsoroka ho fanohanana ny fampandrosoana ny asam-pamokarana trondro eo anivon'ireo Vondrona Tantsaha ao Matsiatra Ambony no ataony. Miara-miasa amin'ny VFTM (Vondrona Fampandroasoana ny Tantsaha Eto Mahatsiatra Ambony) sy ny Federasiona Koloharena Ialamarina (FKH) eo amin'ny fanamafisan'orona ny fahaizamanany eo amin'ny fiompiana zana-trondro sy ny fanatavizana, amin'ny alalalan'ny fiofanana sy ny fizohiana (toby 8 ho an'y VFTM ary 1 ho an'ny FKH. Miara-mikaon-doha amin'izy ireo izay mety olana eo amin'ny sehatra fiompiana trondro manerana ny faritra izy sy mandray ireo antontan'isa ara-toe-karena ho famenon'ny fanadihadiana ny tsena tamin'ny taona lasa.

Manjohy ny asan'ny ekipa Antsirabe izy rehefa mi-sy fizohiana atao ao Fianarantsoa.

CREATION D'UNE PLATE FORME POISSON DANS LE VAKINANKARATRA

Par FIFIMPAVA

L'APDRA a récemment restitué les résultats de l'étude de la filière poisson d'eau douce de la Région Vakinankaratra (voire article précédent). A présent, les membres de la coopérative FIFIMPAVA réfléchissent à la suite des activités à mener.

Le prochain objectif de la coopérative FIFIMPAVA est de créer une « plateforme poisson », afin de favoriser les échanges d'information entre les différents acteurs dans la Région Vakinankaratra. Les objectifs de cette plateforme sont de divers ordres : améliorer l'information entre les acteurs du poisson, augmenter la production, mieux maîtriser les prix, défendre les intérêts des pisciculteurs et des pêcheurs, mieux connaître les besoins des consommateurs... Cette initiative entre dans le cadre du Programme Régional de Développement rural de Vakinankaratra.

La coopérative FIFIMPAVA appelle tous les acteurs de la filière poisson à participer à la construction de cette plateforme.

UN NOUVEL ELEMENT A L'APDRA

Depuis octobre 2008, Morille Razanajatovo travaille en tant qu'animateur/correspondant de l'APDRA sur la zone de Fianarantsoa. La mission de l'animateur est d'appuyer le développement des activités de (rizi)pisciculture des Organisations Paysannes de la Haute Matsiatra. Morille maintient un dialogue permanent avec les membres des OP. Son travail consiste à réaliser des suivis sur les sites d'alevinage et de grossissement (8 sites pour VFTM et 1 site pour FKH Ialamarina), mais également de récolter des informations socio-économiques sur la filière poisson en complément de l'étude de marché réalisée en avril 2008, qu'il retransmet ensuite au reste de l'équipe de l'APDRA. Il participe aussi aux suivis à Fianarantsoa que l'équipe Antsirabe effectue sur le terrain.

MIAMPY IRAY NY TOBIM-PAMATSIANA TRONDRO AO ANTSIRABE

Fitambaram-ben'ny Fikambananan'ny Mpanjono eto Vakinankaratra na FIFIMPAVA dia kaoperativa niorina ny 14 aprily 2007. Miisa 238 ny mpikambana ao aminy izay avondron'ny fikambanana fototra 4 mpitantana ny Farihin'Andranobe Atsinanana sy Andrefana, Tatamarina ary Andraikibakely. Tolo-draharaha iray napetrakin'i FIFIMPAVA ho an'ny mpikambana ao aminy sy ny mpanjifa ny tobim-pamarotana holazaina eto.

Ny tanjon'ny FIFIMPAVA moa dia ny fampiroboroboana ny lalam-pihariana trondro sy ny fizahan-tany mandala ny tontolo iainana ka tafiditra ao anatin'izany ny fanomezana antoka sy toky ho an'ny mpanjifa amin'ny fiavian'ny trondro sy ny hatsaran'ny kalitao. Ny paik'ady amin'izany dia fanomezana fiofanana ny mpikambana manoloana ny tekhnika nohatsarina eo amin'ny famokarana sy ny fitantanana ary ny varotra. Ao koa ny fametrahampitantanana ny farihy mba hampaharitra ny harena andranomamy. Ny fampitomboana ny fahaiza-manaon'ny mpikambana sy ny mpitantana ny kaoperativa koa dia laharam-pahamehana. Miampy izay ny fametrahana ny tobim-pamarotana iombonana ny vokatra ary ny fifampiraharaha ara-barotra miaraka amin'ny Fikambanana Soamitambatra ao Miandrivazo.

Niorina ny 17 novambra 2008 ny toby famarotana iombonana. Mora hita izy satria manaraka ny lalam-pirenena faha-34 mihazo an'I Morondava, eo ampitan'ny "Tailleur les deux amis " ao Andranomadio (manakaiky ny Santé plus) no ahitana ny tobim-pamarotana. Mety hifindra eny an-tsenan'i Sabotsy rehefa misokatra ny tsena.mba hanaovana lamina ho an'ny mpamatsy sy ny famatsiana sady ahalalana ny fatra ilain'ny mpanjifa isan'andro. Toy izao manaraka izao ny fatran'ny trondro lany nanomboka ny volana Novambra 2008 : Novambra (7), desambra (>10), janoary (20-25) ny kilaon'ny lafo amin'ny atsinjanany ary Novambra (60-70), desambra sy janoary samy 70-80 no lafo amin'ny ambongadiny.

Mahazo tombony avy amin'io toby famarotana io ny kaoperativa na dia somary lafo aza ny hamarotany ny trondro isan-kilao miohatra amin'ny eny an-tsenan'i Sabotsy satria 6000 ar/ kg ny karpa, tilapia ary ny black bass, Ar6400 ny trondro gasy no amarotan'ny Kaoperativa ny azy noho ny trondro azo antoka sady vaovao hatrany. Manampy izany dia mbola manakarama olona izy hitatitra ny trondro sy ny mpivarotra ao amin'ny toby.

Noho izany indrindra dia manentana ny mpanjifa ny mpi-kambana ao amin'ny FIFIMPAVA mba hividy trondro ao satria hita sy azo antoka ny vokatra amidy ao izay avy amin'ny mpamokatra sy mpanarato (misy taratasy manamarina ny lanja avy any am-parihy sy ny lanja miditra ao amin'ny toby famarotana iombonana), ary manana kalitao tsara: matavy, zana-tany, vaovao.

Entanina koa ny mpamokatra amin'ny fametrahana ny fi-vondronan'ny fikambanana indrindra ny kaoperativa manana tanjona mazava sy azo tanterahina mikasika ny famokarana sy ny famarotana. Ary hamafisina eto am-pamaranana fa vonona hatrany handray ireo mpanatavy trondro ho mpikambana ao aminy ny FIFIMPAVA sady vonona hiarahiasa amin'ny famarotana ny vokatra ny mpiompy trondro matavy.

UN NOUVEAU POINT DE VENTE DE POISSONS A ANTSIRABE

Par M. RAKOTOSON Henri
Président de la coopérative
de pêcheurs FIFIMPAVA- Tél: 033 05 035 86

FIFIMPAVA (Groupement des Associations de Pêcheurs de la Région Vakinankaratra), créé le 14 Avril 2007, compte actuellement 238 adhérents. 4 groupements assurent la gestion de 4 lacs : Andranobe Ouest, Andranobe Est, Andraikibakely et Tatamarina. Depuis le mois de Novembre, l'association dispose d'un point de vente à Antsirabe.

La coopérative FIFIMPAVA a pour objectif de promouvoir la filière poisson ainsi que le tourisme en tenant compte des aspects environnementaux. L'association cherche également à satisfaire ses clients sur l'origine de ses poissons et en améliorant la qualité de son service. FIFIMPAVA a mis en place un comité de gestion des différents lacs exploités afin de garantir leur viabilité écologique. Par ailleurs, elle travaille avec l'Association SOAMITAMBATRA du District de Miandrivazo sur la commercialisation de des poissons issus des deux coopératives.



Depuis le 17 novembre 2008, la coopérative FIFIMPAVA dispose d'un point de vente. Il est situé à Andranomadio RN 34, en face du "Tailleur les deux amis " (A côté de Santé Plus). Dès l'ouverture du nouveau marché de Sabotsy, le point de vente sera déplacé et la coopérative espère alors attirer plus de clients. Depuis l'ouverture, la coopérative a vendu les quantités de poisson suivantes :

Depuis le 17 novembre 2008, la coopérative FIFIMPAVA dispose d'un point de vente. Il est situé à Andranomadio RN 34, en face du "Tailleur les deux amis " (A côté de Santé Plus). Dès l'ouverture du nouveau marché de Sabotsy, le point de vente sera déplacé et la coopérative espère alors attirer plus de clients. Depuis l'ouverture, la coopérative a vendu les quantités de poisson suivantes :

Mois	Vente au détail en kg / jours	Vente en gros en kg /jours
Novembre	7kg	60 – 70 kg
Décembre	>10 kg	70-80 kg
Janvier	20 -25 kg	70-80kg

Bien que les prix de vente soient un peu plus élevés que ceux relevés au marché de Sabotsy (6000 Ar/kg pour la Carpe, le Tilapia et le Black Bass et 6400 Ar/kg pour le Cyprin) la coopérative ne cesse de réaliser des bénéfices. La raison est simple : les poissons, issus de la pêche et de la pisciculture, y sont toujours frais et en bon état. Pour garantir cette qualité, la coopérative a engagé des salariés pour le transport des poissons notamment du lac Andranobe vers le point de vente. La pêche comme l'approvisionnement a lieu deux fois dans la journée. La Coopérative FIFIMPAVA appelle tous les amateurs de poisson à s'approvisionner sur son point de vente. Les poissons vendus sont de bonne qualité, frais, de grosse taille et issus de la Région Vakinankaratra.

**NITSIDIKA NY MPAMOKATRA
 TRONDRO NY FANJAKANA**

RAKOTONIAINA Modeste
 Amporano
 Betafo

Nandalo teto amin'ny Faritra Vakinankaratra ireo tompon'andraikitra ambony telo avy ao amin'ny Ministeran'ny Jono sy ny harena anaty rano ny faha-15 sy 16 janoary 2009. Isan'ny antondian'izy ireo ny fidinana ifotony sy fitafana tamin'ireo mpiompy trondro ato anatin'ny Fokontany Ambohiambo, Vakinifasina, Andriamasoandro natao tao Mahazina. Indro ho fintinina fohy etoana izany

Araka ny fahitan'ireto tantsaha mpamokatra zana-trondro ireto dia nahitana fivoarana teo amin'ny fiompiana noho ny fiaraha-miasa tamin'ny APDRA Madagascar. Manambara izany ny famaliana tsara ny olana amin'ny fahafatesan'ny zana-trondro, ny amin'ny toro-marika ara-tekhnika momba ny fahaizana misafidy ny ho ray aman-drenin'ny trondro sy ny fampanarahana ny karazan-trondro samihafa. Azo alaina ohatra amin'izany ny fampiarahana ny Miroir X miroir na Ecaillé X Miroir sy ny fanisana ny vombon'ny trondro tsara miaraka.

Anisan'ny mampandroso ny fifanakalozana eo amin'ny samy tantsaha mpamokatra raha hay ny mitrandraka izany. Tontosy ihany koa ny fampifandraisana ireo mpiompy tamin'ny faritra samihafa ka nahafahana nifanakalo traik'efa hahazana mitondra ny fiompiana sy ny fiainam-pikambanana. Tsy latsa-danja amin'izany ny fiaraha-miasa amin'ny Ben'ny tanànan'i Betafo ka nahafahana nanangana toerana hamatsiana rano hamelona ireo zana-trondro amidy ao an-tsenan'i Betafo.

Tena resy lahatra amin'ny maha-zava-dehibe ny fifanakalozan-kevitra tamin'ireto solotenam-panjakana tonga taty an-toerana ireto ny mpamokatra satria nahazoana ireo toro-hevitra momba ny fiaraha-miasa amin'ny masoivohony aty an-toerana (Rezionaly, Distrika) momba ny famarotana ny vokatra (fitadiavana tsena). Anisan'ny fangatahan'ny mpamokatra zana-trondro sasantsasany ihany koa ny hanaovana fikarohana, na fanandramana ny fiompiana "truite" aty an-toerana, izay hiarahana amin'ireo tekisiana misahana izany ao amin'ny sampandraharahan'ny Jono.

Ary tokony hararaotina ny fangatahana fanohanana arabola sy ara-pitaovana amin'ny alalan'ny PSDR ho entina hampitatra ny ambaindian'ny fiompiana trondro aty amin'ny Faritra Vakinankaratra indrindra ato amin'ny Kaomina Ambanivohitra Betafo izay manana rano azo tantanana tsara mandavan-taona ka mila fijerena manokana.

Les représentants des 03 groupements de pisciculteurs exposant leur réalité face aux missionnaires du MAEP-Betafo, 2009 (Photo APDRA)



**LE MAEP A LA RENCONTRE
 DES PISCICULTEURS**

Par M. RAKOTONIAINA Modeste
 Pisciculteurs à Amporano
 Betafo

Trois responsables du Ministère de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche ont réalisé une mission dans la Région Vakinankaratra les 15 et 16 janvier 2009 dans le but d'évaluer les activités de l'APDRA. Après une présentation des travaux par l'équipe, les responsables se sont rendues à Betafo, à la rencontre des paysans partenaires de l'APDRA. Voici un bref compte rendu de cette mission.



La délégation du MAEP constatent la mise en œuvre du protocole d'expérimentation sur la parcelle de M. André- Mahazina, 2009 (Photo APDRA)

Depuis l'arrivée de l'APDRA dans le District de Betafo, les pisciculteurs ont constaté une évolution positive de leur production. Cette évolution se traduit par des appuis techniques suite à la détermination des causes de mortalité précoce des alevins. L'une des techniques qui a été mise en application consiste à sélectionner les géniteurs en différenciant les carpes miroirs et les carpes cuirs par le comptage des rayons de la nageoire dorsale.

D'autres découvertes et d'autres expériences techniques et organisationnelles sont rendues possibles grâce à l'existence du projet. Sur la commercialisation des alevins, la collaboration entre la Commune Rurale de Betafo et l'APDRA sur la construction d'un point d'eau au marché est également très importante pour augmenter le taux de survie des alevins.

L'échange avec les 3 cadres du MAEP ont été riches d'enseignements pour les pisciculteurs de la zone. Ces derniers ont bénéficié de leurs conseils pour faciliter la collaboration avec les Services Régionaux, en particulier en ce qui concerne la recherche des nouveaux marchés.

A la fin de la rencontre, certains pisciculteurs ont demandé aux représentantes du MAEP des renseignements sur la possibilité de réaliser des essais d'élevage de truites à Betafo en rizière ou en étang.

**PROGRAMA VAOVAON'NY
 APDRA
 AO ATSIANANA**

Ekipan'ny APDRA

Rehefa avy anao asa fitsirihana tamin'ny Faritra Atsinanana iny ny volana jolay lasa teo dia voafaritra ankehitriny ny toerana iasany. Nanomboka ny asa tamin'ny volana septambra ary mitohy izy amin'ity taona ity.

Mizara roa mazava tsara ny asa. Voalohany dia ny fampidinana ny ivon-toerana fiompiana trondro ao Ivoloana, ao amin'ny Distrika ny Toamasina I. Efa antonany maro no tsy nihodina intsony io toerana io. Marihina etoana fa ny fanjakana no tompon'io ivon-toerana io. Ary ny APDRA dia mpiara-miasa fotsiny ihany. Ny Sampan-draharaha ny Jono sy ny Zavamanan'aina anaty Rano eto amin'ny Faritra Atsinanana no mpiara-miombon'atoka mivantana amin'ny APDRA eto. Fikarohana momba ny fiompiana sy famokarana zana-trodro Karpa no atao ao Ivoloana. Nefa azo atao tsara koa ny manao fikarohana amin'ireo karaza-trondro hafa. Azo atao toerana fiofanana ihany koa io toerana io mba hanampiana an'ireo izay liana amin'ny fiompiana trondro.

Faharoa, misy ihany koa ny asa atao mba ho fanohanana an'ireo mpamokatra zana-trondro eto Toamasina fa misedra olana ny mpanatavy trondro eto Toamasina. Vitsy ny mpamokatra zana-trondro ary indraindray tsy misy mihintsy amin'ny fotoana ilana azy. Ny vidin'ny trondro eny an-tsenan'i Bazary Be sy Bazary Kely, ...sy ny sisa anefa lafo. Matetika no any Antananarivo, eny tonga hatrany Vakinankaratra ny mpanatavy no mitady zana-trondro.

Ny ala olana dia ny fanomezana fiofanana sy fikarohana miaraka amin'ireo tantsaha mba hahafahana mamokatra zana-trondro eny ifotony fa tsy hitady lavitra.

Miara-miasa amin'ny APDRA amin'izany ny Faritra Basse Normandie sy Atsinanana amin'ny mahampiana-miombon'atoka azy ireo. Mila fiaraha-midinika hatrany noho izany ireo paikady ireo (ny olom-boafidy, ny servisy teknika, ny mpampiasa vola, ...). Efa voasonia ny fifanaraham-piaraha-miasa niarahana tamin'ny SRPRH Toamasina.

Equipe mixte SRPRH / APDRA autour d'une expérimentation sur la reproduction de la carpe, décembre 2008 (Photo APDRA)



**NOUVEAU PROGRAMME
 DE L'APDRA
 DANS LA RÉGION ATSIANANA**

Par l'équipe APDRA

Après un diagnostic piscicole effectué dans la Région Atsinanana au mois de juillet dernier, l'APDRA a délimité une première zone d'intervention. Les activités ont débuté au mois de septembre 2008 et se poursuivent cette année.

Deux volets composent ce projet. Tout d'abord, la remise en service de la Station Piscicole de l'Etat d'Ivoloana (District de Tamatave I), dont les activités avaient cessé depuis plusieurs années. Sur ce volet scientifique, l'APDRA collabore en partenariat avec Le Service de la Pêche et de la Ressource Halieutique. Ce site pourra par ailleurs constituer un lieu de formation pour les paysans et les techniciens piscicoles.

Le deuxième volet est une activité d'appui aux producteurs d'alevins de la région. Seuls trois producteurs d'alevins existent dans la région et les grossisseurs d'Atsinanana rencontrent de difficultés pour s'approvisionner en alevins alors que le prix des poissons d'eau douce relevés sur les marchés de Tamatave est très élevé. Beaucoup de grossisseurs de la côte Est s'approvisionnent à Antananarivo et même parfois jusque dans la Région Vakinankaratra pour acheter des alevins.

L'un des objectifs de l'APDRA est donc de relancer cette activité. Tout d'abord, des travaux de recherche sont nécessaires pour identifier et résoudre les points de blocage de la production d'alevins de carpe dans cette région. Des formations seront ensuite nécessaires pour que des producteurs locaux se lancent dans cette activité. Alors, les grossisseurs n'auront plus à se déplacer si loin pour trouver des alevins.

L'APDRA intervient dans le cadre de la coopération décentralisée Basse Normandie— Atsinanana. Cette stratégie implique une concertation permanente avec l'ensemble des acteurs locaux (Elus, services techniques, opérateurs économiques...). Une convention de partenariat est déjà signée avec le SRPRH de Tamatave.

Fandalinana ny seha-pihariana trondro an-dranomamy

Ekipan'I APDRA

Ny fandaharan'asa Saha miara-miasa amin'ny vondrona noisy dia nampandraikitra ireo mpamokatra amin'ny famehezana ny fampiroboroboana ny toe-karena sy ny sosialy. Ny telovolana faran'ny taona 2008 no nampandraiketan'ny kaoperativa FIFIMPAVA ao Antsirabe sy ny Fitambarambe VOI SOAMITAMBATRA ao Miandrivazo tamin'ny alalan'ny fanohanana SAHA an'I APDRA ny asa fitsirihana ny lalam-pihariana trondro an-dranomamy.

Marihina ihany koa ny fandraisana anjara mavitrika avy ao amin'ny SRPRH Antsirabe sy ny CIRDR Miandrivazo. Ireto ny lohahevitra hita sy notsoahina nandritra ny fandalinana:

- Namokatra trondro lena 870 taonina eo ho eo ny ranovory 28 tao Miandrivazo tamin'ny 2008 miampy trondro maina 10 taonina eo ho eo, izany hoe manodidina ny 30 taonina trondro lena fanampiny. Manodidina ny 680Kg/ha/taonina ny fahafaha-mamokatr'ireo ranovory manana velarana 1320ha.

- Namokatra trondro lena 48 taonina eo ho eo ny ranovory 4 ao Antsirabe, manana velarana 144 ha ka 330ka/ha/taonina ny vokatra miakatra ao. Mifanaraka tsara amin'ny fahafaha-mamokatra ny ranovory amin'ny faritra ambony, izay mangatsiaka kokoa miohatra amin'i Miandrivazo.

- Miha-maroko ny mpanarato ao amin'ireo faritra roa ireo nandritra ny folo taona lasa izay noho ny fitomboan'ny isan'ny mponina. Tena misongadina io tranga io ao Miandrivazo noho ny fisian'ny mpanarato mpifindra monina na dia mandalo ihany aza izany.

- Efa manambana ny fahamarinam-pototra eo amin'ny tahirany anaty rano ka ny olana lehibe ara-tontolo ianana dia ny fahasimban'ny vohon-tany, ny atsanga, ny fahaloavan'ny zava-maniry anaty rano sy ny fisian'ny fibata (*Ophicephalus* sp), karazan-trondro noana lava avy any Azia nampidirina antsokosoko teto amintsika tamin'ny faramparan'ny taona 70.

Amin'ny gazety manaraka dia hoasehonay ny drafitr'asa manaraka iompanan'ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny kaoperativa roa amin'ny fametrahana fitantanana maharitra ny harena anaty rano.



Les femmes des pêcheurs prenant au débarcadere les poissons pour les vendre—Miandrivazo, 2009 (Photo APDRA)

L'étude filière poisson d'eau douce

Par l'équipe APDRA

Le programme SAHA de l'inter coopération Suisse responsabilise les producteurs dans la maîtrise de leur développement économique et social. Au dernier trimestre 2008, la coopérative FIFIMPAVA d'Antsirabe et la coopérative SOAMITAMBATRA de Miandrivazo, appuyé par le programme SAHA, ont confié à l'APDRA la réalisation d'un diagnostic sur la filière « poisson d'eau douce ».

Notons la forte implication du SRPRH d'Antsirabe et du CIRDR de Miandrivazo. Voici quelques constats tirés de l'étude :

- Les 28 Lacs de la zone Miandrivazo ont produit en 2008 environs 870 tonnes de poissons frais auxquels il faut ajouter une dizaine de tonnes de poissons séchés. Avec une surface de 1320 ha, la productivité tourne autour de 680 kg / ha / an.

- Les 4 lacs de la zone d'Antsirabe ont produit environs 48 tonnes de poissons frais. Avec une surface totale de 144 ha, la productivité avoisine les 330 kg / ha / an, ce qui est une valeur correcte pour les lacs des Hauts Plateaux dont les températures sont beaucoup plus fraîche qu'à Miandrivazo.

- On assiste à une intensification de l'effort de pêche dans les deux zones depuis 10 ans. Cette situation est due notamment à la pression démographique. Ce phénomène est particulièrement important dans la zone de Miandrivazo avec la présence saisonnière de pêcheurs migrants.

- Des problèmes environnementaux important peuvent mettre en péril la stabilité des réserves halieutiques : la dégradation des bassins versants, l'ensablement, la prolifération de plantes aquatiques et la présence du Fibata (*Ophicephalus* sp), un poisson vorace originaire d'Asie et introduit clandestinement à la fin des années 70;

Dans le prochain numéro, nous vous présenterons le plan d'action destiné à renforcer les capacités des deux coopératives dans la mise en place d'une gestion durable des ressources halieutiques.

Fitokanana vala fikarohana APDRA/CEFFEL Andranobe

Ekipan'ny APDRA

Vita ny fanajariana ao Andranobe, manana ary mampiasa ny vala fampiharana sy fikarohana momba ny trondro na "station piscicole" ny APDRA ankehitriny. Natao ny alakamisy 15 janoary 2009 ny fitokanana nataon'ny ekipan'ny APDRA sy ny CEFFEL ary ireo olo-manan-kaja maro.

Maro ny olona tonga nanatrika ny fitokanana ny vala fikarohana/fampiharana ny fiompiana trondro ao Andranobe. Anisan'izany ny Lehiben'ny Faritra ao Vakinankaratra, ny solotenan'ny ministeran'ny fiompiana sy fambolena ary ny jono ary ireo solotenan'ny manampahefana teto an-toerana (Ben'ny tanànan'i Betafo, Ben'ny tanàna sy ny lehiben'ny Distrika Antsirabe), ary ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny APDRA.

Ny Fert/Ceffel sy ny APDRA dia samy manana tanjona famporisihana ny tantsaha eo amin'ny fanamaroana ny asam-pamokarana mba hitomboan'ny vola miditra isampianakaviana. Nanomboka ny taona 2007 àry dia efa nisy ny fandraisana anjaran'ny APDRA teo amin'ny fampianarana ny mpianatra ho teknisiana tao amin'ny Ceffel eo amin'ny lafin'ny fiompiana trondro. Ho tohin'izay ary araka ny volavolan-kevity ny APDRA nankatoavin'ny Fert/Ceffel dia mbola nanamafy izay fiaraha-miasa matotra izay ny fananganana ity *station piscicole* ity.

Taorian'ny fampahalalana fohy ny asa ataon'ny mpiaramiombon'antoka roa dia natao ny fitsidihana ny *station piscicole*.

Nisy ny fanehoana na *démonstration* natrehan'ny mpitsidika: fanolorana sy fanazavana ny fampanatodizana trondro mandehandeha, fanidronana tsiranoka ny trondro mba hahamora ny fampiterahana artifisialy. Liana tokoa ny mpijery amin'ny maha-zava-baovao ny zavatra hitany! Ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra moa dia tsy nisalasala nanipika ny mahazava-dehibe ny sehatra hampiroboroboana ny famokarana trondro toy izao.

Hatao eto amin'ity toerana ity moa ny fiompiana olitra trondro ny volana Febroary. Manana tanjona izany mba hahafantarana ny fitombo sy fahaveloman'ny zanatrondro karpa amin'ny fampitahana azy ireo eo amin'ny karazan-kanina omena azy miisa telo samy hafa: ny fanamasahana ny rano fotsiny amin'ny alalan'ny zezipahitra, ny fangarona lafarina ary ny *rotifère* (bibikely tsy hita maso sakafon'ny zana-trondro azo avy amin'ny fametrahana mololo ao anaty rano).



Fisamborana ny renintrondro hoampanatodizana-Andranobe, 2009 (Photo APDRA)

Inauguration de la station piscicole APDRA / CEFFEL d'Andranobe

Par l'équipe APDRA

Les travaux sont terminés à Andranobe. Désormais, l'APDRA possède une station piscicole fonctionnelle. Jeudi 15 janvier 2008, les équipes de l'APDRA et du CEFFEL et de nombreux visiteurs ont inauguré le site.

De nombreuses personnes ont assisté à l'inauguration de la station expérimentale piscicole : Le Chef de la Région Vakinankaratra, des représentants du ministère de l'agriculture et de la pêche, les représentants des autorités locales (Mairie de Betafo, Mairie et District d'Antsirabe), les partenaires de l'APDRA ainsi que les représentants des pisciculteurs de Betafo et des pêcheurs du Vakinankaratra qui sont les principaux bénéficiaires des actions de l'APDRA.

Les deux associations FERT/CEFFEL et APDRA travaillent sur la diversification du revenu des paysans. Depuis 2007, l'APDRA intervient dans le cadre des formations dispensées au CEFFEL. Cette collaboration scientifique entre l'APDRA et FERT / CEFFEL est donc parfaitement logique.

Après une brève présentation des actions menées par les deux partenaires, les visiteurs ont pu se rendre sur les parcelles d'expérimentation et de formation agricole du CEFFEL, puis sur le site de la station expérimentale piscicole de l'APDRA.

Différentes manipulations ont été effectuées par les techniciens de l'APDRA : présentation et explication du fonction-



De g. à dr: Mme Le Chef du SRPRH, Mme la Directrice de l'Aquaculture au MAEP, Mme la Directrice de APDRA antenne Madagascar, M. Le Chef de Région Vakinankaratra, M. Le Secrétaire Général de la Commune Urbaine d'Antsirabe, Mme la Présidente du CEFFEL, M. le Président du FIFATA- Andranobe, 2009 (Photo APDRA)

nement de l'écloserie mobile, injections hormonales réalisées dans le cadre de reproductions artificielles, présentation des supports de ponte... Le chef de Région Vakinankaratra a souligné l'importance d'une telle structure pour la filière piscicole de la Région. Rappelons que lui-même est un expert en production aquacole.

La station accueillera divers protocoles expérimentaux tout au long de l'année. Nous vous tiendrons au courant de l'évolution des activités de recherche.

**MIHA-MANAKAIKY NY MPIVAROTRA
ZANA-TRONDRO NY RANO**

RAKOTOMALALA Jean Claude
Filohan'ny komity famatsian-drano

Malaza amin'ny famokarana trondro ny kaomina ambanivohitra Betafo ary milahatra mitandavana ao an-tsenana manaraka ny arabe nasionaly 34 ireo mpivarotra zana-trondro isaky ny andro tsena indrindra ny alatsinainy. Misy ny paompin-drano napetraky ny kaomina saingy mbola mipetraka ho olana ho an'ny mpivarotra ka izany indrindra no nahatonga ny fanajariana vaovao.

Amin'ny maha-mpanohana mivantana ara-tekni-kampompiana trondro ny APDRA Madagascar dia niaranandray fanapahan-kevitra amin'ny fananganana ny fanajariana famatsiana rano hamelomana zana-trondro ao amin'ny tsenan'i Betafo izy sy ny tomponandraikitra ao amin'ny kaomina. Notokanana ny alatsinainy 19 janoary 2009 ary io fanajariana famatsiana rano natokana hamelomana zana-trondro ao amin'ny tsenan'i Betafo io. Ny Lefitry ny Sefo Distrika no nanokatra ny fanokanana notronin'ny Lefitry ny Ben'ny tanàna sy ny mpiara-dia aminy, ny Tomponandraikitra ny CIRDR, ny solotenan'ny sampanandraharahan'ny jono ao an-toerana sy ny solotenan'ireo tantsaha mpivarotra mpahazo tombotsoa mivantana miisa 68.

Fanajariana hanaovana andrana hatramin'ny volana aprily ity natao ity, izay ahitana paompy 4 noheferina ny fanambaniny, mitafo arak'izany ny fanajariana mba hanafainganana ny famelomana zana-trondro tratry ny hainandro. Kasaina hohalebiazina io fanajariana io amin'ny taona manaraka. Fepetra roa no takiana amin'izany raha mahomby ny fitantanana sy raha mamaly tsara ny filan'ny mpahazo tombotsoa mivantana ity andrana ity.

Natolotra ny kaomina Betafo ny fanajariana izay tantanin'ny vaomiera na kaomisiona, solontenan'ireo tantsaha mpivarotra ao anatin'ny Fokontany misy ny mpahazo tombotsoa. Ireo kaomisiona ireo no mandrindra ny lamina amin'ny fampiasana ny rano sy ny fanpandehanana io fanajariana io ka ny fivoriana niarahana tamin'ny solotenan'ny kaomina sy ny APDRA Madagasikara no nanapahany fa ilaina ny fandraisana anjaran'ny mpahazo tombotsoa mba hanaovan'ny mpivarotra zana-trondro ny adidiny eo anivon'ny kaomina sy hikolokoloana na hanamboarana ny fanajariana mba hampateza azy sady tsy hangatahana fanampiana any amin'ny sehatra hafa.

Fisaorana sy hafaliana no setrin'ny fanomezana ho an'ny mpahazo tombotsoa mivantana satria mora kokoa ny faha-zoana ny rano ary tena tsara hoy izy ireo raha vita fafo ohatra an'io famatsiana io avokoa ny fanajariana manaraka satria samy hahazo alokaloka ny mpivarotra sy ny entam-barotra.

Ny lamina no mila hamafisina satria samy mbola manavao na ny mpahazo tombotsoa na ny kaomisiona (vaomiera) mpitantana. Efa nasiana ny fitsipika anaty mifehy azy ireo. « Mahaizà àry manana isika » hoy ny solotenan'ny Ben'ny tanàna teo am-pamaranana ny kabarin'ny ary mbola hanentanana antsika koa io fehin-teny io.



Mirindra araka ny drafipandaminan'ny komisiona ny fakana rano- Betafo, 2009

**UN NOUVEL AMENAGEMENT SUR
LE MARCHÉ DE BETAFO**

Par l'équipe APDRA

La Commune Rurale Betafo est réputée pour son activité rizipiscicole. Chaque lundi et jeudi, plusieurs dizaines de producteurs vendent leurs alevins sur le marché de la ville, près de l'église. Le maintien en vie des alevins nécessite un renouvellement permanent de l'eau dans les soubika. Face aux difficultés rencontrées par les vendeurs d'alevins pour accéder à l'eau, la Commune Rurale de Betafo et l'APDRA ont mis en place un nouveau point d'eau entièrement dédié aux vendeurs d'alevins. L'objectif est d'améliorer la survie des alevins, tant au niveau des vendeurs que des clients. Ce point d'eau a été inauguré le 19 Janvier 2009 dernier. L'adjoint du Chef de District et du Maire, les Responsables du CIRDR de Betafo, les représentants des vendeurs d'alevins ont assisté à cet événement.

68 vendeurs bénéficient directement de cette installation. Elle sera utilisée à l'essai jusqu'au mois d'avril. La structure clôturée et recouverte d'un toit, comporte quatre robinets d'eau. Après avoir analysé le fonctionnement du point d'eau et l'organisation des vendeurs durant la période d'essai, des améliorations pourront être apportées pour la campagne 2009-2010. La Mairie a autorisé la création d'un comité d'usagers en charge de la gestion de l'aménagement. Ce comité est composé de 8 représentants des vendeurs d'alevins. Il assure l'organisation et la distribution de l'eau. L'implication des bénéficiaires est essentielle pour assurer la pérennité de l'ouvrage et réaliser l'entretien de l'infrastructure. Le point d'eau doit pouvoir continuer à fonctionner sans appui extérieur.



Les membres de commission des usagers de l'eau devant l'aménagement - Betafo, 2009 (Photo APDRA)

Les vendeurs d'alevins ont exprimé leurs remerciements et leur satisfaction. Grâce à cet aménagement, il est à présent facile de s'approvisionner en eau pour conserver les alevins dans de bonnes conditions. Pour le prochain aménagement, les bénéficiaires ont souligné l'importance de la toiture pour garantir la survie des alevins vendus. Un règlement intérieur est déjà en place pour assurer le bon fonctionnement du point d'eau, mais l'organisation doit encore être renforcée.

FIARAHA-MIASA

MIFANAKALO TRAIKEFA

-Tantsaha Betafo -
-Andriafanomezana Arrhys : Association Haoña soa

Endrika iray entin'ny tantsaha mifampizara ny hairahany ny fitsidihana fifanakalozana. Manohana an'izany ireo mpiara-miombon'antoka ara-tekina, ara-bola ary ny mpiara-dia ka manampy ireo vondrona tantsaha ami'ny fahatratrarana ny tanjona.

Notontosaina ny 17 desambra 2008 teto amin'ny Fokontanin'Ambohiambo sy Vakinifasina ao amin'ny Kaomina ambanivohitra Betafo ny fitsidihana fifanakalozana teo amin'ny mpiompy trondro ao Andriamasoandro, Ambohiambo ary Vakinifasina sy ny mpiompy trondro avy any amin'ny Faritra Amoron'i Mania sy Matsiatra ambony. Ny APDRA Madagascar sy ny SAHA no mpanohana mivantana miampy ireo mpiara-miombon'antoka aminy dia ny association GEODE, Groupe RIHANA, PSAG Mitafa, PSA Lalogna, Association ADIE ary ny Haona soa izay miparitaka any amin'ny Faritra roa voalaza eo ambony.

Loha-hevitra 3 lehibe no nifampizarana nandritra ny iray andro izay nahita ny fiaraha-miasa eo amin'ireo mpiara-miombon'antoka, ny lamin'ny fitantanana ny fikambanana sy ny varotra iombonana ary ny tekni-kampomokarana zana-trondro sy ny trondro matavy izay narahina fitsidihana vala fampiterahana sy fampiharana.

Na natao aza ny fizarana ny mpandray anjara miisa 87 ho vondrona roa mba hahazo fahafaham-po amin'ny fandraisana fitenenana dia ny andro hariva no nampalahelo satria maro ny nahaliana ny andaniny sy ny ankilany.

Misy itovizana ny tekni-kampomokarana ary misy koa ny mahasamy hafa azy saingy ny fananianana ara-bola no tena mampiavaka ny fampiharana. Tratra ny tanjon'ny fitsidihana raha jerena amin'ny ankapobeny. Nahazoana ny fampiharana ataon'ny hafa, nifameno ny fahaiza-manaon'ny rehetra ary afaka nanatsoaka hevi-baovao irina hampiharina any antanàna sy any amin'ny fikambanana niaviany avy.

Ny nahatalanjona anefa dia samy nanombana na ny vahiny na ny mpampian-trano fa tsy tena nifanome tanteraka ny tekni-kampomokarana ny roa tonta.

Paik'ady iray entina hampandrosoana ny tontolo ambanivohitra ny fanatanterahana ny fitsidihana sy fifanakalozana eo amin'ny samy tantsaha. Anisan'ny hetsika iray hahafahana mijery ny any ivelany, mivelatra ary manita-tsaina. Misy ny ampaham-bola natokana ho an'izany satria noheverina fa ny fifanakalozana eo amin'ny samy tantsaha no anisan'ny sehatra fampianarana iray hahafahan'izy ireo mifanakalo hevitra sy mifandray tanana ho any amin'ny fampandrosoana. Raha izany àry, nahoana ny samy tantsaha no tsy mifampizara an-tspiriany ny fahaiza-manaony? Mbola ao ve ny fitiavan-tena kely madinidinika sa matahotra sao lasa alohan'ny tena ny olona nizarana traikefa? Moa ny mpanentana va no tsy manana ny fahaizana entina hampitenenana ny tsirairay amin'ny traikefa ananany? Tokony ho jerentsika akaiky sy miaraka io olana io hahafahantsika manatratra ny vokatry andrasana dieny mbola misy ny mpanohana!

**LES ECHANGE D'EXPERIENCES
ENTRE PAYSAN**

Par l'Association Haoña soa
et les rizipisciculteurs de Betafo

La visite - échange est un moyen de transmission de capacité entre les paysans d'une même filière. Ces visites sont appuyées par des partenaires techniques et financiers.

Une visite échange a été réalisée dans les Fokontany d'Ambohiambo et de Vakinifasina au nord de la commune rurale de Betafo le 17 décembre dernier. Il s'agissait d'une rencontre entre les rizipisciculteurs locaux et les pisciculteurs Betsileo des Régions Amoron'i Mania et Haute Matsiatra. Ces groupes de paysans sont soutenus par l'APDRA et SAHA Betsileo ainsi que par d'autres prestataires : l'association GEODE, Groupe RIHANA, PSAG Mitafa, PSA Lalogna, Association ADIE et l'association Haona Soa.



Fifanakalozana manodidina ny vala fitehirizana sy ny tanimbary- Betafo, 2009

Trois grands thèmes ont été abordés durant la journée : la collaboration avec les partenaires, l'organisation de l'association et la vente en commun, ainsi que les techniques d'élevage (alevinage et grossissement), complétées par la visite des rizières frayères et des rizières d'expérimentations.

Les 87 participants ont été divisés en deux groupes mais la durée de la visite n'a pas été suffisante pour répondre à toutes les questions. Chacune des parties a constaté des ressemblances et des différences dans leurs pratiques. La principale différence concerne l'étape de reproduction en rizière. Les pisciculteurs des régions Amoron'i Mania et ceux de Betafo ont des pratiques assez semblables sur ce point. Les producteurs d'alevins de Fianarantsoa pratiquent quant à eux une reproduction en étang et apportent une alimentation aux alevins sous forme de provende. Cette pratique implique des investissements plus importantes.

Les trois organisations paysannes du Vakinankaratra, d'Amoron'i Mania et de la Haute Matsiatra ont eu le sentiment que certains savoirs auraient pu être partagés mais que chacun a conservé ces informations potentiellement utiles.

La réalisation de visites - échanges entre paysans est une méthodologie intéressante en terme de développement rural. Elles permettent de découvrir d'autres modes de production et d'organisation. Bien que l'initiative de découvrir d'autres expériences viennent des paysans, pour quelles raisons sont-ils réticents à partager leur savoir ? Est-ce par égoïsme ? Ou par crainte d'être doublé par les autres ? Une part de responsabilité revient-elle aux structures d'appui qui ne parviennent pas à proposer une animation efficace ? La solution à cette difficulté est l'affaire de tous.